


ALAHADY - FAHA 3 MANDAVANTAONA –A2020



MASOANDRO BE LOHATAONA I KRISTY KA TSY MIFIDY OLON-KOSOAVINA

Ry Kristianina havamalala, tena anatin'ny mandavantaona isika izao, hivelona izay nankalazantsika tamin'ny noely isika izany hoe Andriamanitra eto anivontsika. Izany no antitranterin'ireo vakiteny telo amin'izao Alahady faha-3 mandavantaona izao, mananatra antsika mba hibebaka tokoa, ohatra velona amintsika amin'izany i Md Paoly izay nankalazantsika tamin'ny 25 janoary ny fibebahany, niara nankalaza izany ny eglizy rehetra maneran-tany ary isika eto amin'ny diosezy dia mampahatsiaro antsika ny 6 taona lasa

Vakiteny 1 : Iz. 8, 23b - 9, 3

SALAMO : 26

Vakiteny 2 : 1 Kôr. 1, 10-13. 17

EVANJELY : Mt. 4, 12-23

izay nankalazantsika sy nanombohantsika ny lâlan'i Damasy, lâlana niarahantsika rehetra hiroso amin'ny fiaraha-miasa amin'i Kristy dia isika tolagna telo : lahika, voatokana ary ny pretra. Mbola izany koa no iezahantsika ho tanterahina amin'ity taona ity, tahaka

an'i Md Paoly teny amin'ny lâlan'i Damasy ka niova tanteraka ny fiainany noho izy nanaiky ny antson'i Kristy, izy izay Saoly lasa Paoly satria nihaona tamin'i Jesoa izy.

Ary nanontany an'i Jesoa izy hoe inona no tianao ataoko ? lasa apôstôly izy, lasa misionera. Manantena koa isika fa ho lasa apôstôly, tsy isika fa ny fahasoavan'Andriamanitra no miaraka amintsika mivelona ny lâlan'i Damasy lâlan'ny fibebahana. Hibebaka isika ka io no mahatonga antsika ho EOV, vita batemy aho ka hirahina, hanorina ETA tranoben'Andriamanitra, hanavao, handavorary ny fifandraisana amin'ny zava-boahary araky ny averimberintsika matetika, tsy ho fahavalontsika ny zava-boahary fa hiara-dàlana amintsika ka hitondra antsika amin'ny fivelarana maha-olona manontolo, ary niainan'i Md

Paoly izany-tamin'ny alalan'ny evanjely notoriny.

Izany koa no manentana antsika ho mpanorina ETA tranoben'Andriamanitra, hibebaka tokoa isika tahaka an'i Md Paoly, hiala amin'ny toeatra izay manapotika ny fiainantsika sy ny fiaraha-monintsika dia ny fihatsaram-belatsihy, ny lainga, ny fitapitaka, ny fanaovana ny risoriso sy ny kolikoly fa hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny ary ny fahamarinana isika ka hiala amin'ny toeatra mamoafady manapotika ny fiainantsika ka mahatonga antsika mifamono sy mampanjaka ny herisetra eo amin'ny fiainantsika.

Enga anie izao fidirantsika amin'ny taona masin'ny misiona ~~sy finoana~~ izao hitondra antsika amin'ny fankalazana ny faha-100 taona FET sy ny kongresy eokaristika hanampy antsika hibebaka araky ny hafatry ny tenin'Andriamanitra amintsika amin'izao Alahady faha-3 mandavantaona izao.

Araky ny hafatra ao amin'ny bokin'Izaia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany ; « *Ny vahoaka nandeha tamin'ny haizim-pito, nahita mazava lehibe; ary ireo nonina tamin'ny tany aloky ny fahafatesana, namirapiroan'ny mazava* » tsy iza io hitondra antsika amin'ny fibebahana marina io fa i Jesoa ilay fahazavana, izay manilo ny fiainantsika hoy Izaia mpaminany, manafaka antsika amin'izay matamatopatotra antsika, mahatonga antsika ho tena vavolombelona eo amin'ny manodidina antsika, samy handray fahazavana mposaka avy amin'i Jesoa, fahazavana, lalana sy fahamarinana ary fiainana.

Mananatra koa i Md Paoly ilay nibebaka ao amin'ny vakiteny faharoa taratasy ho an'ny kristianina tany korinto, mila mitandrina isika satria misy ny mampisara-bazana antsika ka aoka ho iray tokoa isika satria raha i Kristy no ao ampontsika dia tsy mila fizarazarana isika fa kosa manaiky hivelona ny maha kristianina, ny batemy no mampiombona antsika amin'i Kristy ka hahatonga antsika ho tena Kristianina marina tokoa isika ka tsy misy ho fizarazarana intsony. Tsy isika no mampiombona antsika, tsy ny fahamendrentsika fa avy amin'i Kristy : tsy ny hanao batemy no hanirahan'i Kristy aho fa hitory ny evanjely : « *Mihanta aminareo amin'ny Anaran'i Jesoa Kristy Tompontsika aho, mba hiray teny daholo ianareo, ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, fa ho tafakambana tsara amimpiraisan-tsaina sy hevitra avokoa ianareo. Reko tamin-dry i Klôe anie ny aminareo e, fa hoe misy fifandirana ao aminareo; izany hoe, ny sasany aminareo manao hoe: "Izaho an'i Paoly"; ny sasany kosa manao hoe: "Izaho an'i Apôlô", na: "Izaho an'i Sefasy". Voazarazara va i Kristy? Ary i Paoly va no voafantsika tamin'ny Hazofijaliana ho anareo? Sa tamin'ny anaran'i Paoly no natao Batemy ianareo? Tsy ny hanao Batemy no nanirahan'i Kristy ahy, fa ny hitory ny Evanjely. Tsy tamin'ny lahateny kanto anefa, fandrao foanan'izany ny Hazofijalian'i Kristy. »*

Tsy noho ny fahamendrentsika no maha Kristianina antsika fa noho ny famindrampon'Andriamanitra ka mitaky fanentretena ary indrindra mitaky fibebahana, izany no ampianarin'i Jesoa amintsika amin'ny evanjely. Izao no fotoana tsara, rehefa izy nitory ny vaovao mahafaly *nilaza «Mibebaha ianareo fa efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra »* izany hoe izao ny fotoana tsara ialantsika amin'ny toeatra tsy mendrika izay manakana antsika handray ny vaovao mahafaly ary indrindra tsy afaka hihaona amin'i Jesoa ka hiova raha tsy manaiky mila fiovana isika.
Izany no dingana voalohany amin'ny fibebahana dia ny miaiky fa tsy mety ny fiainantsika, tsy zarizary izao fiainantsika izao ka miala amin'ny fiainana tsizarizary izany ka miezaka

hanatsarana azy.

Ary rariny sy hitsiny tokoa raha manontany isika inona ny atao hoe mibebaka ?

Voalohany tsy maintsy mahatsapa tena, eo ampiandohana ny fibebahana dia misy ny fiekena heloka ary izany no hahafantarantsika fa mila mibebaka isika.

Faharoa ny fahatsapana lehibe ny famindrampon'Andriamanitra toy izay ny fahotantsika ka amin'izay tsy ny herintsika na ny fahamendrehantsika ny hanova ny fiainantsika na ny ezaka ataontsika sy ny fahasoavan'Andriamanitra. Aoka ho tsapantsika fa rehefa mibebaka isika dia ny fahasoavan'Andriamanitra mandrakariva no mialoha lèlana antsika, izany no mampiditra antsika amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

Raha ao amintsika tokoa ny fanjakan'Andriamanitra dia mivelatra izany fanjakan'Andriamanitra izany na toy ny voatsinapy aza ka anjarantsika no manaiky ny fivelarany eo amin'ny fiainantsika.

Fahatelo aoka hahay hanararaotra izao fotoana izao masina ny misiona izao isika, hiezaka hameno ireo siny enina satria ny ezaka ataontsika amin'ny famenoana ireo sajoa ireo dia manambara fa efa mibebaka isika ary eo anivontsika ny fanjakan'Andriamanitra, amin'izay ny ataontsika rehetra dia ho tahaka nataon'i Piera izay nantsoin'i Jesoa **ao** amin'y evanjely henontsika androany. Rehefa nandray ny fahasoavan'Andriamanitra izy dia natao ho mpanarato olona, izany ny misionera. Na dia mafy ny fihetsiky ny ranomasina, ny onjam-piaianana, i Jesoa miaraka amintsika araky ny voalaza amin'ny evanjely, « *i Jesoa nitety an'i Galile manontolo, nampianatra tao amin'ny sinagaogy, hanasitrana ny marary* »

Izany no antenaintsika amin'ny taona masina misiona izao, i Jesoa ilay zanak'Andriamanitra tonga nofo hitety ny fiainantsika manontolo, hitety ny fianakaviana Eglisy kely, Eglisy fiombonana, Eglisy iraka, hitety ny diosezintsika, hitenty an'i Madagasikara amin'izao fankalazana ny faha 100 taona FET sy ny kongresy eokaristika, hitety ny fiainantsika manontolo i Jesoa hampianatra antsika amin'izao fotoana ny fandalinam-pinoana, hanasitrana antsika izy amin'ny aretina maro samihafa, hitety antsika tsirairay, hanasitrana ny aretina mikiky ny fianakaviana, mandalo fotoantsarotra isika eto amin'ny firenena, hanasitrana antsika tsirairay i Jesoa hanala izay matatopatotra antsika tsirairay amin'izao taona masina misiona izao.

Isika vita batemy no hirahin'i Kristy amin'izao andro iainantsika izao, isika no Kristy mpiabelona amin'olona amin'ny alalan'ny ezaka ataontsika dia hitondra ny olona amin'ny fahazavana marina ka hanafaka ny olona tokoa amin'izay matatotra azy dia ny fiainana mitondra amin'ny fanapotehana, ka hiala amin'ireny isika ; dia isika manapotika ny tontolo iainana izay zary fahavalontsika, aoka hihavana amin'ny zava-boahary isika ary isika samy isika hifanaja, hiala amin'ny fitsaraham-belatsihy, hijoro amin'ny fahamarinana sy hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hitondra amin'ny fivelarana maha olona sy olona manontolo ka ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra dia ilay lazain'i Jesoa tonga ny fanjakan'Andriamanitra, « *mibebaha ianareo fa efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra ary dia eo anivontsika izy* »

Izany no entintsika amin'ny fankalazantsika ny faha 100 taona FET sy ny kongresy eokaristika izao.

Ry Jesoa Tompo ô, mitodika aminao tokoa izahay, nify olona ianao mba hanohy ny asanao, nify an'i Piera ianao, nify an'ireo apôstôly, misaotra anao nify anay na dia tsy

mendrika aza izahay fa indrindra amin'izao hanarahananay ny lalan'ny damasy hiarahanay amin'i Md Paoly, enga anie hibebaka tokoa izahay, nify anay hitory ny vaovao mahafaly ianao na dia tsy mendrika aza izahay ary misaotra anao amin'ny fahasoavana tamin'ny batemy izay irinay mba hanampy anay hibebaka ka ho EOV hirahinao tahaka an'i Md Piera sy ireo apôstôly izahay tsirairary, hanasitrana ny olona tokoa amin'ireo aretina maro misy eto aminay, mbola maro ny tsy mahalala anao amin'ny faritra misy anay. Ho maro ny hamaly ny antsonao, mivavaka ho an'ireo pretra sy ireo mpitoky ny vaovao mahafaly, mba hijoro ho tena vavolombelona izahay, ny kristianina koa hijoro hanasoa ny hafa, mbola maro ny ory sy mijaly, ny marary, ny manantra sy voafatotra amin'ny zavatra isankarazany, enga anie ianao hanafaka anay amin'ny rofinay ireny.

Ry Jesoa Tompo ô, ampio izahay mba hahafoy tena ka handao izay rehetra mamatotra anay ka ho mpanarato olona tahaka an'ireo apôstôly nantsoinao, ampio izahay ho EOV hibebaka tokoa ka hahafantatra ny dikan'ny batemy noraisinay, vita batemy ka hirahina hanorina ETA Eglisy tranon'Andriamanitra, ho zary tena taranaka mpanorina tokoa. Amen

Mompera Arseveka Ramaroson Benjamin